



FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY EOROPA

TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah. Hagay 1.8b

Pouru Saint Rémy, faha 22 Janoary 2018

Ry havana,

Hampitomboina ho anareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontosika.

Fifaliana ho anay indray no manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby, telo volana lasa izay ny vaovao farany azo naroso. Sady alefa "mail" no alefa taratasy amin'ny paositra ireto vaovao ireto.

1. Nahatratra 211 000€ ny vola voahangona hatramin'ny fanombohana ny asa. Toy izao ny vola navoaka mahakasika izany asa izany:

- 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
- 9 000€ ho karaman'ny mpiara-miasa "Maître d'oeuvre", nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan" ary "estimation" voalohany
- 500€ tapany voalohany amin'ny fanamboarana ny site web (2000€ no sisa mila efaina)

Noho izany dia mahatratra 115 610€ izao ny vola vonona ampiasaina ao amin'ny kaontin'ny Toby. 2 984€ ny ao amin'ny Credofunding.

2. Rehefa tafaresaka tamin'ny "maître d'oeuvre" ny teknisiana avy eto amintsika dia azo atao ny manomboka ny asa amin'ity taona vaovao ity. Tapaka ny biraon'ny Toby ary fa ho atomboka ny asa. Raha ny fikasana dia amin'ny septambra 2018 no hanomboka izany isika. Mialoha mantsy dia tsy maintsy faranana ny "architecture" sy "plan" ary atao koa ny "permis de construire".

3. Naroso lalindalina kokoa araka izany ny resaka mikasika ny "plan". Eo am-pijerena izany isika, miaraka amina "architecte" matihanina amin'ny trano fandraisana (Etablissement Recevant du Public na ERP) ankilany, ary amin'ny "maître d'oeuvre" andaniny.

Tianay ny mampahatsiahy anareo Raiamandreny Mpitondra Fileovana mba hampita ny vaovao'ny fanorenana ao amin'ny fitandremana sy ny fiangonana iandraiketana araka ny fanapahan-kevitra ny KMSP tamin'ny Sabotsy 23 Septambra 2017 lasa teo.

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'i Jesosy Tompontosika izahay sady mankasitraka hatrany ny fiaraha-miasa. Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha

Dr Randriambololona Jean

Ny Mpitantsoatra

Ramanatsoa Germain